

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2001-016

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de Développement
conclu le 22 juin 2001 entre la République de Madagascar et l'Association
Internationale de Développement relatif au financement du PROJET DE
SOUTIEN AU DEVELOPPEMENT RURAL (PSDR) - Crédit n° 3524 MAG**

EXPOSE DES MOTIFS

A la demande du Gouvernement Malgache, le Conseil d'Administration de la Banque Mondiale a approuvé, en sa session du 19 juin 2001, le financement du PROJET DE SOUTIEN AU DEVELOPPEMENT RURAL (PSDR), pour un montant équivalent à SOIXANTE NEUF MILLIONS DEUX CENT MILLE Droits de Tirages Spéciaux (69.200.000 DTS), soit environ 604,8 milliards de Francs Malagasy.

Les négociations du Prêt se sont déroulées à Antananarivo pendant la période du 26 mars au 04 avril 2001.

L'Accord de Crédit y afférent a été conclu le 22 juin 2001 à Antananarivo.

OBJECTIFS DU PROJET

Le PSDR constitue le projet d'appui de la Banque Mondiale à la mise en œuvre du Plan d'Action pour le Développement Rural (PADR) élaboré par le Gouvernement Malgache. Il s'inscrit dans le cadre de la stratégie fixée pour le développement rural visant en particulier à lutter contre la pauvreté en milieu rural tout en prenant en compte la mise en œuvre de la politique engagée en matière de décentralisation (avec la constitution des provinces autonomes).

Les principaux objectifs du PSDR sont :

- accroître la productivité et les revenus des petits agriculteurs de manière durable dans l'ensemble des 20 régions agro-écologiques du pays couvertes par les Groupes de Travail de Développement Régionaux - GTDR ;
- appuyer le développement des organisations de producteurs et groupes communautaires ;
- réduire la pauvreté en milieu rural, tout en préservant les ressources naturelles de base.

Le PSDR constitue ainsi un instrument d'accompagnement des axes

stratégiques du PADR concernant en particulier la promotion de l'intervention des groupements de producteurs et organisations paysannes et l'accroissement durable de la production agricole.

DESCRIPTION DU PROJET

Localisation du PSDR

Tout comme le Fonds de Développement Communautaire (FDC), le PSDR a un objectif de couverture nationale progressive sur l'ensemble des 6 Provinces Autonomes et des 20 régions agro-écologiques couvertes par les GTDR. Les principes retenus pour l'allocation des ressources du Projet ont pour objectif de maintenir une répartition équitable entre les provinces autonomes.

A l'intérieur des provinces autonomes et des GTDR, les communes seront sélectionnées en accord avec le FDC selon leur niveau d'enclavement et de pauvreté décrits en détail dans le manuel d'exécution. Cette approche ciblera, en priorité, les communes les plus pauvres et les moins susceptibles d'être desservies par un réseau d'institutions micro financières.

A la phase de démarrage, année 1, le Projet interviendra, en priorité mais non exclusivement, dans les communes ayant reçu l'appui du FID III, ce, dans un souci de mettre au point les différents mécanismes du Projet dans des zones bénéficiant déjà d'une certaine infrastructure sociale.

Dès l'année 2, le PSDR interviendra au niveau des communes ayant reçu un support du FDC l'année précédente et ainsi de suite en fonction de la capacité d'exécution du PSDR.

Les principales composantes du PSDR

Le PSDR comporte 5 grandes composantes :

Composante 1: Appui aux investissements productifs

Cette composante est destinée à stimuler la production agricole à travers des investissements et activités au profit des Organisations Paysannes (OP) dans des zones très pauvres ou aux populations pauvres, selon des critères d'enclavement et de pauvreté sociale.

Les investissements seront compris entre 2.000 et 50.000 dollars. Il s'agira essentiellement de petites infrastructures productives et d'activités combinant infrastructure et équipement identifiés par le biais de diagnostics participatifs.

Sous cette composante, le Projet apportera son appui aux investissements qui :

- ont un caractère de bien collectif (groupement de 10 producteurs au minimum) ;
- ont un impact sur la croissance agricole ;
- sont durables sans recours à d'autres subventions ;
- ne sont pas financés par d'autres programmes dans les zones concernées.

Cette composante comporte trois sous-composantes :

Le Projet financera, en premier lieu, les petites infrastructures productives permettant aux groupes les plus pauvres d'accroître leur production, notamment, les périmètres irrigués d'une superficie inférieure à 200 hectares, les petits ouvrages de drainage, les facilités de stockage, les aires de vaccination, etc...

Le PSDR financera également des activités agricoles permettant pour un grand nombre de communautés pauvres de lever les contraintes à la croissance agricole. Les investissements devront être viables économiquement, acceptables techniquement, socialement et du point de vue environnemental.

Ces activités concerneront, par exemple, les activités de transformation de produits, le stockage, les cultures commerciales, les petites unités de traitement du lait, l'élevage de poussins, la pisciculture, l'apiculture, l'extraction des huiles essentielles, etc...

Les activités, mettant l'accent sur le renforcement des liens avec le secteur privé souhaitant promouvoir le développement d'une activité, spéculation spécifique ou filière en étroite collaboration avec les producteurs, seront vivement encouragées .

3. Le PSDR financera enfin des activités non agricoles permettant aux groupes les plus vulnérables, par exemple, les groupes de femmes et de jeunes, de développer des activités génératrices de revenus, telles que : atelier de couture, artisanat, etc...

Le Projet utilisera pour ces investissements le système de « fonds participatif » : 15 % de contribution par les bénéficiaires en travail ou en numéraire et 85 % par le Projet.

Dans un souci d'équité, une organisation paysanne ne pourra bénéficier que d'un seul investissement productif pendant la durée du Projet et devra recycler l'argent investi dans une caisse communautaire. Cette caisse d'épargne communautaire devrait permettre à d'autres Organisations Paysannes des villages de la commune ciblée de bénéficier à leur tour d'investissements productifs (voir appui aux Organisations Paysannes).

Cette activité de "recyclage des investissements" sera menée à titre d'opérations pilotes pendant une durée de 18 mois.

Composante 2: Services d'appui

1. Vulgarisation et formation

Les programmes de vulgarisation et formation seront généralement articulés aux projets d'investissements productifs et représentent approximativement 10% de l'enveloppe financière prévue pour les investissements productifs. Des programmes spécifiques répondant à tout besoin en conseils ou formation jugés prioritaires par les producteurs pourraient également être pris en considération.

Ces derniers programmes devront cependant avoir des objectifs précis, être limités dans le temps et ne pourront dépasser 20% du montant total prévu pour les activités de vulgarisation et formation liées aux activités productives.

2. Fonds compétitif de recherche appliquée

Il a pour objet de répondre aux besoins, en matière de recherche appliquée, liés aux projets d'investissements productifs identifiés par les groupements de producteurs, les transformateurs et les opérateurs économiques ou au travers du diagnostic participatif avec les communautés.

Le fonds financera des projets à court terme, 3 ans au maximum, susceptibles de produire des résultats vulgarisables rapidement. Le montant de chaque activité de recherche financée ne sera pas inférieur à 5000 dollars EU ni supérieur à 50 000 dollars EU à moins que l'association n'en convienne autrement. Toutes les demandes seront présentées auprès d'un secrétariat exécutif du fonds établi à cet effet pour évaluation, après consultation d'experts associés. Les recommandations du secrétariat seront adressées à un Comité Directeur Autonome (CDA) chargé de l'approbation finale des programmes proposés.

La procédure de sélection des prestataires de services pour la conduite des activités de recherche retenues se fera sur base compétitive et sera ouverte aux secteurs privé et public, aux universités, aux Organisations Non Gouvernementales (ONG) ou tout établissement ayant des compétences dans ce domaine.

Les procédures d'appel d'offre seront réalisées par le CDA tandis que le décaissement des fonds sera réalisé par l'unité d'exécution du Projet. Un manuel de procédures précisera les détails des arrangements organisationnels et institutionnels liés au fonctionnement du Fonds compétitif.

3. Recherche thématique

Outre le programme de recherche appliquée, le Projet financera cinq activités de recherche thématique conduite par les instituts nationaux de recherche tels FOFIFA et FIFAMANOR.

Ces programmes s'adressent à des activités bien ciblées liées à des problématiques d'amélioration des systèmes de production, de transformation agro-alimentaire, de contrainte à l'adoption de technologies et de conservation du patrimoine génétique.

Les instituts nationaux de recherche (exemple : FOFIFA et FIFAMANOR) prépareront leurs programmes et budgets pour la durée du Projet ainsi qu'un programme et budget annuels détaillés qui devront être soumis à la Banque pour approbation avant tout décaissement .

Composante 3 : Appui au développement communautaire

Appui aux plans de développement villageois

Le Projet assistera les communautés et villages des zones d'intervention dans l'établissement de leurs plans de développement (plan de développement villageois) à partir d'un diagnostic participatif effectué de manière contractuelle. Ces plans doivent permettre d'identifier les besoins prioritaires des communautés et de faire émerger les demandes potentielles en projets productifs.

Ces derniers seront soumis à l'approbation des prestataires de services (ONG, Bureau d'Etudes) contractés par l'Unité Provinciale d'Exécution du Projet (UPEP) pour assurer la coordination générale du Projet au niveau d'une région agro-écologique ainsi que l'analyse de la viabilité économique et des aspects techniques, environnementaux et sociaux des projets productifs.

Les demandes qui sont acceptées sur la base de ces critères seront ensuite transmises au GTDR pour approbation finale.

Au démarrage du PSDR et afin d'accélérer les réalisations sur terrain, le Projet exploitera les enquêtes rurales participatives déjà élaborées avec le soutien du PNUD, l'Intercoopération, le Programme de Sécurité Alimentaire, le PE-II et d'autres partenaires si la qualité de ces enquêtes est acceptable. Lorsque ces données n'existent pas, le diagnostic participatif sera effectué en concertation avec le Fonds de Développement Communautaire (FDC) qui mettra l'accent sur la formulation des plans de développement communaux.

Appui à l'établissement et à la gestion de caisses communautaires

Le Projet appuiera les communautés bénéficiant des projets productifs dans l'établissement et la gestion de caisses communautaires. Une assistance technique spécifique sera prévue à cet effet. Cette assistance sera de préférence celle qui pourrait être offerte par le Projet Micro-finance avec lequel un protocole d'accord sera établi. Des ONG ou consultants pourraient également appuyer ce processus.

Appui aux Organisations Paysannes (OP) et Associations des Usagers de l'Eau (AUE)

Elles ont un rôle important à jouer dans le cadre du PADR et du PSDR.

Le Projet apportera son appui aux OP qui en font la demande dans les zones d'intervention concernées en matière d'organisation, de structuration, de reconnaissance juridique, de formation, de formulation de projets productifs ainsi que de renforcement de la représentativité au sein des GTDR et des instances professionnelles régionales.

Le Projet appuiera également le renforcement des capacités des Associations des Usagers de l'Eau sur les périmètres irrigués (formation technique et en gestion, transfert de gérance, sécurisation foncière, actions de protection des ouvrages et canaux d'irrigation, intensification agricole) sur les périmètres irrigués où les travaux de réhabilitation sont terminés.

Composante 4: Renforcement des capacités et formulation de politiques

Appui au PADR et PSDR

Le Projet apportera son assistance pour poursuivre et renforcer la démarche PADR (Plan d'Action pour le Développement Rural) en particulier au niveau des GTDR (actualisation et/ou élaboration de documents régionaux, ateliers régionaux, suivi et appui aux travaux des GTDR, réunions de travail et d'information, etc...).

Cet appui se fera en coordination étroite avec l'Union Européenne qui soutient actuellement l'EPP et les GTDR.

Appui aux politiques de développement rural

Afin d'appuyer le processus de révision périodique de la Lettre de Politique de Développement Rural (LPDR), le Projet financera des études et actions concrètes destinées à analyser l'impact du cadre macro-économique, réglementaire et fiscal du secteur rural et à proposer des mesures susceptibles de promouvoir la croissance du secteur rural.

Appui aux systèmes d'informations

Le Projet appuiera la mise en place d'enquêtes de base et de systèmes de collecte, de traitement et de diffusion périodique de données techniques et statistiques régionales, notamment les prix des produits des marchés, en liaison avec l'INSTAT et les autres actions déjà existantes (exemple: réseau des observatoires ruraux).

Cet appui est cependant conditionné par la mise en place d'un dispositif institutionnel acceptable par la Banque pour exécuter cette composante.

Evaluation environnementale

Le Projet apportera son appui aux cellules environnementales érigées au sein des différents ministères impliqués dans le développement rural, conformément aux protocoles d'accord signés entre le Ministère de l'Environnement et le Ministère chargé du Développement Rural dans le cadre de l'application du Décret MECIE.

Composante 5: Administration et suivi

Le Projet financera le fonctionnement des structures de gestion et de pilotage aussi bien au niveau national que provincial.

FINANCEMENT

Sources de financement :

Le coût total du Projet est estimé à QUATRE VINGT DEUX MILLIONS QUATRE CENT QUARANTE DEUX MILLE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (82.442.000 DTS).

Le financement du Projet se fera à partir de trois sources principales :

- l'Association Internationale de Développement (IDA): 69.200.000 DTS dont 64,15 millions de DTS pour couvrir une partie des coûts en monnaie locale et 5,05 millions de DTS pour couvrir les coûts en devises ;
- le Gouvernement Malagasy apportera sa contribution à la contrepartie du financement IDA ainsi que les taxes diverses pour un montant total évalué à 6,217 millions de DTS ;
- les Bénéficiaires contribueront à concurrence de 7,025 millions de DTS par des apports en nature, en main d'œuvre ou en numéraire suivant les activités.

La répartition du coût du Projet par composante financée par l'IDA se présente comme suit:

COMPOSANTES	FINANCEMENT (en millions USD)			
	TOTAL	%	IDA	%
1. Investissements productifs	71,39	67,3	56,16	63,1
2. Services d'appui	11,88	11,2	11,37	12,8
3. Appui au développement communautaire	6,13	5,8	5,83	6,5
4. Renforcement des capacités et formulation de politiques	5,22	4,9	4,94	5,5
5. Administration et suivi	11,47	10,8	10,75	12,1
TOTAL GENERAL	106,09	100,0	89,05	100,0

IV. CONDITIONS FINANCIERES DU CREDIT IDA

Montant : 69.200.000 DTS

Durée de remboursement : 40 ans dont 10 ans de différé

Remboursement du principal : par échéances semestrielles payables le 01 mai et le 01 novembre de chaque année, à compter du 01 novembre 2011 ; la dernière échéance étant payable le 01 mai 2041.

Chaque échéance, jusqu'à celle du 01 mai 2021 comprise, est égale à UN POUR CENT (1%) dudit principal et chaque échéance postérieure est égale à DEUX POUR CENT (2%) dudit principal.

Commission d'engagement : (due sur le principal du crédit non retiré) taux annuel de UN ET DEMI DE UN POUR CENT (1/2 de 1%) par an, payable le 01 mai et le 01 novembre de chaque année.

Commission de services : taux annuel de TROIS QUART DE UN POUR CENT (3/4 de 1%) sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé payable semestriellement le 01 mai et le 01 novembre de chaque année.

V. ORGANISATION ET MODALITES D'EXECUTION DU PSDR

Durée du Projet : la durée du PSDR est fixée à 5 ans.

Administration du Projet : le PSDR sera placé sous la tutelle du Ministère de l'Agriculture avec la participation active des autres départements ministériels (Elevage, Pêche et Ressources Halieutiques, Recherche Scientifique, Environnement, Eaux et Forêts, ...).

Au niveau national un Comité de Pilotage du Projet présidé par un représentant du Ministère de tutelle et dont l'EPP sera membre, sera érigé et une Unité Nationale d'Exécution du Projet (UNEP) sera chargée de la mise en œuvre.

Au niveau provincial, une Unité Provinciale d'Exécution du Projet (UPEP) sera mise en place dans chacune des 6 Provinces Autonomes.

L'organisation institutionnelle du Projet devra être considérée comme transitoire. Elle sera reconsidérée lors de la revue à mi-parcours afin de prendre en compte les réformes structurelles prévues des ministères impliqués dans le développement rural, la mise en place des services déconcentrés ainsi que le processus de décentralisation lié au processus de mise en place des provinces autonomes. Lorsque le dispositif de décentralisation sera effectivement en place, l'organisation institutionnelle du PSDR pourra être adaptée en fonction du système retenu au niveau des provinces autonomes.

Aux termes de l'article 82.3, paragraphe VIII de la Constitution, "La ratification ou l'approbation de traités ... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la loi".

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2001-016

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de Développement
conclu le 22 juin 2001 entre la République de Madagascar et l'Association
Internationale de Développement relatif au financement du PROJET DE
SOUTIEN AU DEVELOPPEMENT RURAL (PSDR) - Crédit n° 3524 MAG**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 23 juillet 2001 et du 27 juillet 2001 la Loi dont la teneur suit :

ARTICLE PREMIER: Est autorisée, la ratification de l'Accord de Crédit de Développement conclu le 22 juin 2001 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du PROJET DE SOUTIEN AU DEVELOPPEMENT RURAL - Crédit n° 3524 MAG, d'un montant de SOIXANTE NEUF MILLIONS DEUX CENT MILLE Droits de Tirages Spéciaux (69.200.000 DTS).

ARTICLE 2 : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 27 juillet 2001

LE PRESIDENT DU SENAT,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

RAKOTOMANANA Honoré

ANDRIANARISOA Ange C.F.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA-2001-016

anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola tamin'ny faha-22 jona 2001, ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA FANOHANANA NY FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHIRA (PSDR) (Fampisamboram-bola laharana faha-3524-MAG)

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny fangatahan'ny Governemanta Malagasy, ny Filan-kevitantanan'ny Banky Iraisam-pirenena, tamin'ny fivoriana natao ny faha- 19 jona 2001, dia nankatoa ny famatsiam-bola ny TETIKASA FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHIRA (PSDR), izay mitentina ROA HETSY SY SIVY AMBY ENIMPOLO TAPITRISA (69.200.000 DTS), sahabo ho 604,8 tapitrisa FMG.

Ny Fifanarahana momba ny Fisamboram-bola dia natao teto Antananarivo ny faha 26 martsa ka hatramin'ny faha 04 aprily 2001.

Ny Fampisamboram-bola dia nosoniavina ny faha-22 jona 2001, teto Antananarivo.

I - TANJON'NY TETIKASA

Ny PSDR dia Tetikasa fanohanan'ny Banky Iraisam-pirenena ny fampiharana ny Drafitrasa ho Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra (PADR) nataon'ny Governemanta Malagasy. Izany Tetikasa izany dia voasoratra ao anatin'ny sehatry ny paikady nofaritana ho fampandrosoana ny eny Ambanivohitra ary mikendry indrindra ny hiadiana amin'ny fahantrana eny ambanivohitra amin'ny fampiharana ny politika nekena mikasika ny fitsinjaram-pahefana (miaraka amin'ny fametrahana ny faritany mizakatena).

Ny tanjona lehiben'ny PSDR dia :

- fampitomboana amin'ny fomba maharitra ny vokatra sy ny vola miditra amin'ireo mpamboly madinika ao anatin'ireo faritra « agro-écologiques » miisa roapolo (20), izay voakasikin'ny GTDR eo amin'ny firenena ;
- fanohanana ny fampandrosoana ny fikambanan'ny mpamokatra sy ny vondrom-bahoaka (groupes communautaires) ;
- fampihenana ny fahantrana eny ambanivohitra, no sady miaro ny harena fototra ara-boa-janahary .

Ny PSDR dia fitaovana iray enti-manaraka ny paik'adin'ny PADR mahakasika indrindra ny fampivoaran'ny firosahan'ny vondron'ny mpamokatra sy ny tantsaha ary ny fitomboana maharitra ny voka-pambolena.

II - FAMARIPARITANA NY TETIKASA

2.1. Ny faritra hanaovana ny PSDR

Toy ny Tahiry ho Fampanandrosoana ny Vondrom-bahoaka (FDC), ny PSDR dia manana tanjona amin'ny fisahanana miandalana ny firenena manontolo, eo amin'ny Faritany mizakatena enina (6) sy ireo faritra roapolo (20) « agro-écologiques » voakasikin'ny GTDR. Ny hevitra noraisina momba ny fizarana ireo loharanom-bolan'ny Tetikasa dia mikendry ny fitazonana ny fizarana mitovy eo amin'ny Faritany mizakatena .

Ao anivon'ny faritany mizakatena sy ny GTDR, ny kaominina dia hofidiana miaraka amin'ny FDC, arakaraky ny fitokanany sy ny fahantrany voasoritra amin'ny antsipiriany ao amin'ny « manuel d'exécution ». Ity fomba ity dia mikendry indrindra ireo kaominina tena mahantra sy ireo faritra mety tsy ho voasahan'ireo fikambanana madinika mpamatsy vola.

Eo am-panombohana ,taona voalohany, ny laharam-pahamehan'ny Tetikasa dia tsy ireo kaomina efa nahazo fanampiana tamin'ny FID III ihany, izany dia mba hametrapetrahana ireo fomba samihafan'ny Tetikasa tamin'ireo faritra nahazo foto-drafitrasa ara-sosialy.

Manomboka amin'ny taona faharoa, ny PSDR dia hotanterahina ao anivon'ny kaominina efa nahazo ny tohana tamin'ny FDC tamin'ny taon-dasa ary dia toy izany hatrany arakaraky ny fahafaha-manaon'ny PSDR.

2.2. Ireo fitsinjarana lehiben'ny PSDR

Ny PSDR dia mitsinjara dimy lehibe :

Fitsinjarana voalohany : Fanohanana ny fampiasam-bola mamokatra

Ity fitsinjarana ity dia natokana hampirisihana ny famokarana ara-pambolena amin'ny alàlan'ny fampiasam-bola sy fisahanan-draharaha ho an'ny tombontsoan'ny vondron'ny tantsaha ao amin'ireo faritra tena mahantra na amin'ny vahoaka mahantra, arakaraky ny fitokanany sy ny fahantrany. Ny fampiasam-bola dia ho eo anelanelan'ny 2.000 sy 50.000 dolara. Izy io dia hikasika indrindra ireo foto-drafitrasa madinika mamokatra sy ireo fisahanan-draharaha mampiray ny foto-drafitrasa sy ny fitaovana fantatra tamin'ny alàlan'ny fitsirihana fandraisana anjara (diagnostics participatifs).

Ao anatin'ity fitsinjarana ity, ny Tetikasa dia hitondra ny fanampiany amin'ireo fampiasam-bola izay :

manana endrika fananana iraisana (fivondronan'ny mpamokatra folo fara-fahakeliny),
manana fiantraikany amin'ny fampitomboana ny vokatra ara-pambolena,
maharitra ary tsy mila fanampiana hafa,
tsy vatsian'ny fandaharanasa hafa ao amin'ny faritra voakasika.

Ity fitsinjarana ity dia manana zana-pitsinjarana telo :

1 - Ny Tetikasa dia hamatsy vola, voalohany indrindra, ireo foto-drafitrasa madinika mamokatra ahafahan'ireo vondrona tena mahantra mampitombo ny vokatra, indrindra fa ny lemaka voatondraka mirefy latsaky ny 200 hektara, ny asa madinika fitarihan-drano, ny fanamorana ny fanangonam-bokatra, ny faritra fanaovam-baksiny, ets...

2 - Ny PSDR dia hamatsy vola ihany koa ireo asam-pambolena ahafahanan'ny vondrom-bahoaka maro mahantra manala izay sakana amin'ny fampitomboana ny vokatra ara-pambolena. Ny fampiasam-bola dia tokony azo tanterahana ara-toekarena, ary ekena ara-teknika sy ara-tsosialy ary eo amin'ny lafiny tontolo iainana.

Ireo asa ireo dia hikasika, ohatra ny fanodinana ny vokatra, ny fanangonana ny voly ara-barotra, ny sampana madinika mikasika ny fanamboarana ronono, ny fiompiana zanak'akoho, ny fiompiana trondro, ny fiompiana tantely, ny fitrandrahana « huiles essentielles » sns...

Ny asa manasongadina ny fanamafisan'ny fifandraisana miaraka amin'ny sehatra tsy miankina, maniry hampiroborobo ny fampandrosoana asa, “spéculation” manokana na zotra miara-miasa akaiky amin'ny mpamokatra, dia tena hampirisihina.

3 - Farany, ny PSDR dia hamatsy vola ireo asa tsy mikasika fambolena ahafahan'ireo vondrona tena mahantra, ohatra, ny vondrom-behivavy sy tanora, mampandroso ireo asa mampidi-bola toy ny toeram-panjairana, asa-tànana, ets...

Ny Tetikasa dia hampiasa ho an'ireo famatsiam-bola ireo ny tetiky ny tahiry fxandraisana anjara : 15% amin'ny asa na vola ho fandraisana anjaran'ireo mpahazo tombontsoa ary 85% an'ny Tetikasa.

Mba ho fampitoviana, ny vondron'ny tantsaha iray dia tsy hahazo afa-tsy fampiasam-bola mamokatra iray ihany mandritra ny faharetan'ny Tetikasa ary tokony hanodina ny vola nampiasaina ao amin'ny kaonty iombonana. Io kaonty tahiry iombonana io dia tokony ahafahan'ireo vondron'ny tantsaha hafa ao amin'ny tanaan'ny kaominina kendrena, hahazo tombontsoa koa amin'ny fampiasam-bola mamokatra (jereo ny fanohanana ny vondron'ny tantsaha).

Ity asa fampihodinana ny fampiasam-bola ity dia natao ho andrana mandritra ny 18 volana.

Fitsinjarana faha-2.- Asam-panohanana

1 -Fanaparahana sy fanofanana

Ny fandaharanasa fanaparahana sy fanofanana dia hampiarahana amin'ny ankapobeny amin'ireo Tetikasa fampiasam-bola mamokatra ary manome 10% eo ho eo amin'ny vola natokana ho an'ny fampiasam-bola mamokatra. Ny fandaharanasa manokana izay mahafeno ny ilaina rehetra amin'ny toro-hevitra na fanofanana hitan'ny mpamokatra fa manana ny lahara-pahamehana dia mety ho azo raisina koa.

Ireo fandaharanasa farany ireo anefa dia tsy maintsy manana tanjona mazava, ao anaty fotoana voafetra ary tsy hahazo mihoatra ny 20% amin'ny totalin'ny vola natokana ho an'ny asa fanaparahana sy fanofanana mifandray amin'ny asam-pamokarana.

2 - Tahiry ifaninanana amin'ny fikarohana ampiharina

Io Tahiry io dia mikendry ny hamaly ny zavatra ilaina amin'ny lafin'ny fikarohana ampiharina, mifandray amin'ny tetikasa mamokatra hitan'ny vondron'ny mpamokatra, ny mpanodim-bokatra sy ny mpandraharaha ara-toekarena na amin'ny alàlan'ny fitsirihana fandraisana anjara miaraka amin'ny vondrom-bahoaka.

Ny tahiry dia hamatsiana ireo tetikasa fohy ezaka ,telo taona raha lava indrindra, mety hanome vokatra azo aparitaka haingana.

Raha tsy zavatra hafa no tapaky ny fikambanana, ny teti-bidin'ny asam-pikarohana vatsiam-bola tsirairay dia tsy tokony ho latsaky ny 5.000 dolara EU na hihoatra ny 50.000 dolara EU.

Ny fangatahana rehetra dia halefa any amin'ny mpitantsoatra mpanatanteraky ny Tahiry natao hanome tombam-bidy, aorian'ny fandinihan'ny vondrona mpahay.

Ny hafatry ny mpitantsoratra dia halefa any amin'ny «Comité Directeur Autonome (CDA)» natao hankatoa farany ny fandaharanasa natolotra.

Ny fombafomba hifantenana ny mpisahan-draharaha amin'ny fitarihana ny asam-pikarohana voatana dia hatao amin'ny alalan'ny fifaninanana ary hisokatra amin'ny sehatra tsy miankina sy ara-panjakana, amin'ny Oniversite, amin'ireo fikambanana tsy miankina na ireo fikambanana rehetra manana fahaizana amin'io sehatra io.

Ny Fombafomba fanaovana tolo-bidy dia hotanterahin'ny CDA ary ny famoaham-bola dia ho tanterahin'ny vondrona mpanatanteraka ny Tetikasa.

Ny « manuel de procédure » no hamaritra ny antsipirian'ny fandaminana arapomba ny ara-panjakana izay mifandray amin'ny fampandehanana ny tahiry ifaninanana.

3 - Fikarohana « thématique »

Ankoatran'ny fandaharanasam-pikarohana ampiharina, ny Tetikasa dia hamatsy vola asam-pikarohana « thématique » dimy tarihin'ny ivon-toeram-pikarohana nasionaly, toy ny FOFIFA sy FIFAMANOR.

Ireo fandaharanasa ireo dia miantefa amin'ny asa aman-draharaha tena voakendry mifandray amin'ny olana hanatsarana ny fomba famokarana, ny famadihana ny vokatra ara-pambolena ho sakafo, ny sakana amin'ny fampiharana ny haitao, ny fitahirizana ny « patrimoine génétique ».

Ny ivon-toeram-pikarohana nasionaly (ohatra: FOFIFA sy FIFAMANOR) dia hanomana ny fandaharanasa sy ny teti-bolan'izy ireo mandritra ny faharetan'ny Tetikasa ary ny fandaharanasa sy ny teti-bola isan-taona amin'ny antsipiriany izay tokony homena ankatoavin'ny Banky alohan'ny famoaham-bola.

Fitsinjarana faha-3 : Fanoanana ny fanpandrosoana ny vondrom-bahoaka

1 - Fanoanana ny drafitrana fanpandrosoana ny tana

Ny Tetikasa dia hanampy ny vondrom-bahoaka sy ny tana ao amin'ny faritra iasana amin'ny fanaovana fananganana drafitrana fanpandrosoana (drafitrana fanpandrosoana ny tana), miainga amin'ny fitsirihana fandraisana anjara natao ara-pifanarahana. Ireo drafitrana ireo dia tokony hahazoana mamantatra ny lahara-pahamehana ilain'ny vondrom-bahoaka ary hahazoana manasongadina ny fangatahana tetikasa mamokatra.

Ireto farany ireto dia hatolotra ankatoavin'ny mpisahan-draharaha (ONG, Bureau d'Etudes) nifanaraka tamin'ny Vondrom-Paritany Mpanatanteraka ny Tetikasa (UPEP) mba hanomezana antoka ny fandrindrana ankapoben'ny Tetikasa eo amin'ny faritra « agro-écologique » iray sy ny fandinihana ny fahazoa-manao ara-toekarena, ny lafiny ara-teknika, ara-tontolo iainana sy sosialin'ireo tetikasa

mamokatra.

Ny fangatahana izay ekena araka ireo fepetra ireo dia alefa any amin'ny GTDR mba hankatoavina farany.

Eo am-panombohana ny PSDR ary mba hanafainganana ny fanatanterahana eny an-tsehatra, ny Tetikasa dia hitrandraka ny fanadihadiana fandraisana anjara eny ambanivohitra miaraka amin'ny fanohanana ny PNUD, ny « Intercoopération », ny Fandaharanasa Fahazoana antoka Ara-tsakafa », ny P.E II ary mpiara-miasa hafa, raha azo ekena ny hatsaran'ilay fanadihadiana. Raha toa ka tsy misy ireo fanadihadiana ireo, dia atao miaraka amin'ny FDC ny fitsirihana fandraisana anjara izay hanindry ny fanaovana ny drafitrasa fampanandrosoana ny kaominina

2 - Fanohanana ny fananganana sy ny fitantanana ny tahirin'ny vondrom-bahoaka

Ny Tetikasa dia hanohana ny vondrom-bahoaka nahazo tombontsoa amin'ny tetikasa mamokatra, amin'ny fananganana sy fitantanana ny tahirin'ny vondrom-bahoaka. Hisy fanatrehana ara-teknika manokana hatao ho amin'izany. Izany fanatrehana izany dia tsara kokoa raha izay hataon'ny tetikasa madinika mpamatsy vola izay hanaovana fifanarahana. Ny fikambanana tsy miankina na ny “consultants” dia mety hanohana koa ity fomba ity.

3 - Fanohanana ny vondron'ny tantsaha sy ny fikambanan'ny mpampiasa rano(AUE)

Izy ireo dia hanana anjara asa lehibe hotanterahina ao amin'ny PADR sy ny PSDR.

Ny Tetikasa dia hanohana ny vondron'ny tantsaha izay mangataka izany ao amin'ny faritra iasana, eo amin'ny lafiny fandrindrana, famariparitana, fankatoavana araky ny lalàna, fanofanana sy fandrafetana ny tetikasa mamokatra ary koa eo amin'ny fanamafisana ny fisiana eo anivon'ny GTDR sy ny sehatra arak'asa eo amin'ny faritra.

Ny Tetikasa dia hanohana koa ny fanamafisana ny fahafaha-manaon'ny AUE eo amin'ny lemaka voatondraka (fanofanana ara-teknika sy fitantanana, famindrana ny fitantanana, « sécurisation foncière », fiarovana ny asa sy ny tatatra fanondrahana, « intensification agricole ») eo amin'ny lemaka voatondraka izay nahavitana ny asam-panamboarana.

Fitsinjarana faha-4 : Fanamafisana ny fahafahana sy « formulation de politiques »

1 - Fanohanana ny PADR sy PSDR

Ny Tetikasa dia hitondra ny fanampiana mba hanohizana sy hanamafisana ny tetika PADR, indrindra eo amin'ny GTDR.

Ity fanohanana ity dia iaraha-miasa akaiky amin'ny « Union Européenne » izay manohana amin'izao fotoana izao ny EPP sy ny GTDR.

2 - Fanohanana ny politika fampanandrosoana ny eny ambanivohitra

Mba hanohanana ny fomba famerenana isaky ny vanim-potoana ny LPDR, ny Tetikasa dia hamatsy vola ny fanadihadiana sy ny asa mivaingana natao handinihana ny fiantraikany eo amin'ny sehatra lehibe ara-toekarena, ara-dalàna sy araka haba eo amin'ny tontolo ambanivohitra ary hanolotra tetika mety hampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra.

3 - Fanohanana ny « système d'informations »

Ny Tetikasa dia hanohana ny fametrahana ny fanadihadiana fototra sy ny fomba fanangonana, fitrandrahana, sy fampielezana isaky ny vanim-potoana izay fantatra ara-teknika sy araka antontan'isa isam-paritra, indrindra ny vidin'ny vokatra eo amin'ny tsena, miaraka amin'ny Ivon-toeram-pirenena momba ny antontan'isa (INSTAT) sy ireo asa izay efa misy (ohatra : « réseau des observatoires ruraux »). Ity fanohanana ity anefa dia miankina amin'ny fametrahana eo amin'ny toerany ny « dispositif institutionnel » eken'ny Banky ho fanatanterahana ity fitsinjarana ity.

4 - Fanadihadiana ny Tontolo Iainana

Ny Tetikasa dia hanohana ireo « Cellules Environnementales » natsangana eo anivon'ireo minisitera samihafa tafiditra ao amin'ny fampanandrosoana ny eny ambanivohitra, araka ny fifanarahana voasonia teo amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Minisiteran'ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra mba ho fampiharana ny Didim-panjakana MECIE.

Fitsinjarana faha-5: Fitantanana sy fanarahamaso

Ny Tetikasa dia hamatsy vola ny fampandehanana ny rafi-pitantanana sy fampandehanana eo anivon'ny firenena sy ny faritany.

III - FAMATSIAM-BOLA

Loharanom-bola

Ny fitambaran'ny teti-bidin'ny Tetikasa, dia novinavinaina ho ROA ARIVO SY EFATRA ALINA SY EFATRA HETSY SY ROA AMBY VALOPOLO TAPITRISA DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (82.442.000 DTS).

Loharanom-bola telo lehibe no hamatsy ny Tetikasa :

- ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampanandrosoana (IDA): 69.200.000 DTS, ka 64,15 tapitrisa DTS dia handoavana ny ampahan'ny teti-bidy amin'ny vola eto an-toerana ary ny 5,05 tapitrisa DTS handoavana ny teti-bidy amin'ny vola vahiny ;
- ny Governemanta Malagasy dia hitondra ny fandraisany anjara ho tambin'ny famatsiam-bolan'ny IDA sy ny haba isan-karazany, izay mitentina ho 6,217 tapitrisa DTS;
- ny Mpahazo tombontsoa dia handray anjara hatramin'ny 7,025 tapitrisa DTS, amin'ny alàlan'ny zavatra, asa na vola arakaraky ny asa.

Ny fitsinjarana ny teti-bidin'ny Tetikasa isam-pitsinjarana vatsian'ny IDA vola dia azo aseho toy izao :

FITSINJARANA	FAMATSIAM-BOLA an-tapitrisa USD			
	Totaliny	%	IDA	%
1 - Fampiasam-bola mamokatra	71,39	67,3	56,16	63,1
2 - Asam-panohanana	11,88	11,2	11,37	12,8
3 - Fanohanana ny fampanandrosoana ny vondrom-bahoaka	6,13	5,8	5,83	6,5
4 - Fanamafisana ny fahafaha-manao sy ny « formulation de politiques »	5,22	4,9	4,94	5,5
5 - Fitantanana sy fanaraha-maso	11,47	10,8	10,75	12,1
TOTALINY ANKAPOBENY	106,09	100,0	89,05	100,0

IV - FEPETRA ARA-BOLAN' NY FAMPINDRAMAM-BOLA IDA

Tetiny : 69.200.000 DTS.

Faharetan'ny famerenam-bola : 40 taona, ao anatin'izany ny 10 taona tsy andoavana.

Famerenana ny renivola : isaky ny enim-bolana , aloa ny faha-01 mey sy ny faha- 01 novambra isan-taona, manomboka ny faha-01 novambra 2011 ; ny fandoavana farany dia ny faha-01 mey 2041.

Ny fe-potoana famerenana tsirairay hatramin'ny faha-01 Mey 2021 dia mitovy amin'ny 1% -ny renivola ary ny fe-potoana famerenana tsirairay manaraka dia mitovy amin'ny 2%- ny renivola voalaza.

Tambim-panekena (aloha amin'ny renivola nindramina nefa mbola tsy nalaina): amin'ny ampahany isan-taona ANTSASAKY NY IRAY ISAN-JATO (1/2 - ny 1%), aloa isaky ny faha-01 mey sy faha-01 novambra isan-taona.

Tambiny amin'ny fampiasam-bola : ampahan'ny TELO AMPAHEFATRY NY IRAY ISAN-JATO (3/4 - ny 1%) isan-taona amin'ny renivola nalaina ka mbola tsy voaefa ary aloa isaky ny enim-bolana ny faha- 01 mey sy faha-01 novambra isan-taona.

V - NY FIRAFITRA SY FOMBA FANATANTERAHANA NY PSDR

Faharetan'ny Tetikasa : Ny faharetan'ny Tetikasa dia noferana ho 5 (dimy) taona.

Fitantanana ny Tetikasa : Ny PSDR dia hapetraka eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena, miaraka amin'ny fandraisana anjara mavitrik'ireo minisitery hafa (Fiompiana, Jono sy Harena an-dranomasina, Fikarohana Siantifika, Tontolo Iainana, Rano sy Ala, ...).

Eo amin'ny sehatra nasionaly dia hatsangana ny Komity Mpitantana ny Tetikasa (Comité de Pilotage du Projet) izay hotarihin'ny solontena iray avy amin'ny Ministera mpiahy ka ny EPP dia ho mpikambana amin'izany ary ny Vondrona Nasionaly Mpanatanteraka ny Tetikasa (UNEP) dia natao hanatanteraka.

Eo anivon'ny faritany, ny Vondrom-paritany Mpanatanteraka ny Tetikasa (UPEP) dia hapetraka isaky ny Faritany Mizakatena enina (6).

Ny firafitra ara-panjakan'ny Tetikasa dia heverina ho tetezamita. Izy io dia hodinihina amin'ny fijerena eny an-tsasa-dàlana mba handraisana an-tànana ny fanamboarana ara-drafitra voaoman'ny ministera voakasika amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra, ny fametrahana ny fitsinjarana sampan-draharaha ary ny fombafomba fitsinjaram-pahefana mifandray amin'ny fametrahana ny faritany mizakatena. Rehefa tena tafapetraka amin'ny toerany ny fitsinjaram-pahefana, ny fandaminana ara-panjakanan'ny PSDR dia azo hampifanarahana amin'ny tetika eo anivon'ny faritany mizakatena.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “Tsy maintsy lalàna no manome alalana hankatoavana na hanekena ... ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volampanjakana...”

Izay no anton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA-2001-016

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny faha 22 jona 2001 ifanaovan'ny Fikambanana Iraisam-Pirenena ho an'ny Fampanandrosoana (IDA) sy ny Repoblikan'i Madagasikara momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA FANOHANANA NY FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHIRA . Fisamboram-bola laharana faha-3524 MAG.

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-23 jolay 2001 sy ny faha-27 jolay 2001 izao Lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY.- Omen-dàlana ny fankatoavana Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny faha 22 jona 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-Pirenena ho an'ny Fampanandrosoana (IDA), momba ny famatsiam-bola ny TETIKASA FANOHANANA NY FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHIRA FISAMBORAM-BOLA LAHARANA 3524 MAG izay mitentina ROA HETSY SY SIVY AMBY ENIM-POLO TAPITRISA Droits de Tirage Spéciaux (69.200.000 DTS).

ANDININY FAHAROA.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-27 jolay 2001.

NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERANDOHOLONA,

NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA,

RAKOTOMANANA Honoré.

ANDRIANARISOA Ange C. F.

